



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivorian'ny Faha-6, Fivorian'ny Faha-6



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-60

FIHAONANA TAMIN'IREO MPAMOKATRA RANON-JEZIKA

Fivoriana faha-6
Natao ny
Alakamisy 14 Mey 2020
- Atoandro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: Andriamatoa HENRI Jean Michel

FOTOANA: Alakamisy 14 Mey 2020 tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, atoandro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fihaonana tamin'ireo mpamokatra ranon-jezika.

Nitohy ny Alakamisy faha-14 Mey 2020 tamin'ny 10 ora sy 50 minitra, atoandro, fivorian'ny Antenimierampirenena izay notarihin'ny Filohany, Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, teny amin'ny CCI Ivato.

Rehefa avy nanambara ny fitohizan'ny fivoriana sy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fanamarinam-pahatongavana. Nandritra izany, samy nanonona ny laharany sy ny anarany avy ireo Solombavambahoaka tonga nivory.

Rehefa izany, notsiahivin-dRamatoa Filoha ny fandaharam-potoana androany ary nomeny an'Andriamatoa RANDRIAMANJAKA Tahiry Ny Aina, Teknisiana tomponandraikitra amin'ny famokarana «engrais liquide» avy hatrany ny fitenenana mba hitondrany ny famelabelarana mikasika ity karazan-jezika ity.

Rehefa avy nilazalaza ny mikasika azy Andriamatoa RANDRIAMANJAKA Tahiry Ny Aina dia nanazava ny tsirin-kevitra niandohan'ny famokarana ity ranon-jezika ity.

Nambarany fa noho ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny fisian'ny doro tanety sy ny fialana amin'ny zezika simika no nahatonga ny fikarohana ka nahitana ny zezika ANTSORO.

Ny Antsoro hoy izy dia bozaka hita eto afovoan-tany sy any amin'ny faritra atsimon'i Madagasikara izay any no tena ahitana azy betsaka.

Ny antsoro dia zezika natoraly tsy misy fiantraikany ara-pahasalamana ary mampitombo ny vokatra azo raha ny fanandramana natao.

Raha ny fomba nahazoana azy: 1 litatra amin'ny ranon'Antsoro no afangaro amin'ny rano 2 litatra, ka iny no afafy eny amin'ny voly izay ampiasana azy.

Mikasika ny voly azo ampiasana azy indray dia maro karazana, toy ny voankazo, lavanila, jirofo, vary ary ny legioma isan-karazany.

Anisan'ny tombotsoa azo avy amin'ny fampiasana ny Antsoro ny fahatsaran'ny kalitaon'ny vokatra azo izay nampiasana azy.

Betsaka ireo efa nampiasa azy ity, ka anisan'izany ny "American School"; ny Sekoly Fanovozantsoa sy ny olon-tsotra maro izay samy nahita tombotsoa avokoa.

Efa nisy ny hetsika samihafa natao mba hampahafantarana azy ity, toy ny fandraisana anjara tamin'ny F.I.M (Foire Internationale de Madagascar) izay natao nandritra ny 23 ka hatramin'ny 26 Mey 2019.

Fanentanana tao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ampaneva (Jolay 2019), ny fandraisana anjara tamin'ny "Journée Internationale de biodiversité" izay nokarakarain'ny GIZ teny Ambatobe ny 28 Mey 2019 sy ny maro tsy voatanisa.

Ny tanjona lavitr'ezaka kendrena amin'izy ity dia ny mba hanaparitahana azy manerana an'i Madagasikara.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Fioha fitenenana ny Solombavambahoaka mba hametrahany fanontaniana sy fanamarihana ary soso-kevitra.

Nisy ny fandaminana napetraka tamin'izany, ka nalefa tsitelotelo ny Solombavambahoaka nametra-panontaniana ary mamaly ny vahiny aorian'izay.

Ireto avy ary ireo Solombavambahoaka nandray fitenenana sy ny valim-panontaniana nifandraika tamin'izany:

Andiany telo voalohany:

Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain.

Naneho ny ahiahiny momba ny ho avin'ity antsoro ity satria misy ny zezika ranony ampidirina eto amintsika ampiasaina amin'ny fambolena lavanila amin'iny Faritra Analanjirofo iny; mety hanimba ny kalitaon'ny vokatra izay kanefa anisan'ny tsara maneran-tany raha ny lavanila no resahana.

Azo antoka fa tena natoraly ve izy io.

Andriamatoa RAKOTONDRAZAFY José Alain.

Azo ampiasaina amin'ny fambolena vary ve izy io ary raha eny dia amin'ny fotoana ahoana amin'ny fambolena vary no hampiasana azy.

Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime.

Azo ampiasaina amin'ny fambolena vary an-tanety, soja ary katsaka koa ve izy ity.

Valim-panontaniana:

Andriamatoa RANDRIAMANJAKA Tahiry Ny Aina.

Tsy misy ahiahiana, fa zezika natoraly avy eto an-toerana izy ity ary tsy misy fangaro simika.

Amin'ny maha zezika ranony azy dia ny vary an-tanety no tena mety aminy.

Mikasika ny fatrany indray dia 1 litatra ho an'ny velaran-tany 4m².

Tsy mifidy fa mety aminy daholo rehefa karazana fambolena toy ny katsaka, ny legioma ary ny vary.

Andiam-panontaniana faha-2.

Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré.

Manahy aho sao hanimba ny lazan'ny vokatra lavanila efa ananantsika laza maneran-tany ny fampiasana an'ity zezika "bio" ity.

Andriamatoa RASIDIMANANA.

Mba tianay ho fantatra hoe ohatrinona ny vidin'ny 1 litatra amin'ity zezika vaovao vokarinareo ity ary azo ampiasaina amin'ny tanimbary eny anaty rano ve, indrindra amin'ny toerana betsaka rotsak'orana toy ny any aminay.

Andriamatoa FERNAND Jeannot.

Manahy aho sao misy singa hafa ampiarahinareo amin'izy ity any aoriana any ka hanimba ny vokatry ny tantsaha.

Valim-panontaniana:

Andriamatoa RANDRIAMANJAKA Tahiry Ny Aina.

Ny andrana natao dia nahitana fa tsara ny vokatra azo indrindra fa eo amin'ny kalitaony. Hamafisina fa matoa i Madagasikara nahazo ny fankasitrahana'ny WWF dia noho ny hatsarany ary tsy misy akora simika ao anatin'ny fa tena natoraly mihitsy.

Mikasika ny vidiny indray, noferana ho 2 000 Ariary ny 1 litatra hatreto.

Ho an'ny faritra betsaka orana indray, azo atao tsara ny mampiasa azy.

Andiam-panontaniana faha-3:

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine.

Inona no maha samihafa azy ity amin'ny «composte».

Ahoana ny eritreritrareo mikasika ity vokatra antsoro ity, hivarotra ve ianareo sa mbola hisy aloha fanofanana ary hisy ve ny tetikasa fambolena ny zava-maniry hahazoana azy ity.

Andriamatoa FIENENA Richard.

Naneho ny hafaliany manoloana ny ezaka vitan'ny tanora Malagasy ary nangataka fanazavana bebe kokoa mikasika ny «situation juridique», ny «capital» ary ny toerana ahitana azy.

Nomarihiny fa any amin'ny Faritra niaviany, angady kely no antsoina hoe antsoro, ka mety hisy ny fifangaroana amin'ny antsoro bozaka lazaina eto izany.

Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy

Mba azonareo hazavaina bebe kokoa ve ohatran'ny ahoana ny vokatra azo avy amin'ny fampiasana ity ranon-jezika ity.

Valim-panontaniana:

Andriamatoa ANDRIAMAHEFARINJAKA Lova.

Ny antsoro dia "composte" ihany saingy ny maha samihafa azy; ranon-jezika izy ary vokatra avy eto an-toerana zato isan-jato. Tsy ahitana akora simika ao anatin'ny satria na ny rano ampiasaina aminy aza, rano eny an-tsaha, fa tsy mampiasa rano vokarin'ny orinasa JIRAMA izahay.

Manome fiofanana amin'ny fampiasana azy ity izahay no sady mivarotra ihany koa.

Tsindriana, fa eto afovoan-tany sy any atsimon'i Madagasikara no ahitana ny antsoro.

Mbola tsy orinasa ara-dalàna ny fanamboarana antsoro satria mbola misy ny sakana tsy ahafahanay manao izany.

Ny zavatra tsapa, sarotra ny mandresy lahatra ny tantsaha hiala amin'ny mahazatra azy. Tena afaka manome fiofanana tokoa izahay, eny fa na hatramin'ny santionany aza, azo anaovana fanandramana.

Ao amin'ny Kaominina Ambanivohitra Ampaneva, any akaikin'i Talatanivolonondry no ahitana anay.

Andiam-panontaniana faha-4.

Andriamatoa RAKOTONDRASOA Fetra.

Nanao fanamarihana mikasika ny famelabelarana izay nataon'ny teknisiana ny tenany ary nanome soso-kevitra amin'ny hanomanana tsara ny zavatra hatao amin'ny manaraka satria toa tsy naharesy lahatra ny famelabelarana natao teto. Tokony hisy farafaharatsiny ny fampitahana ny vokatry roa samihafa azo tamin'ny fampiasana ity zezika ity sy ny zavatra hafa.

Inona no zavatra andrasanareo aminay Solombavambahoaka ary inona ny tombotsoa azo amin'ny fampiasana azy ity raha mitaha amin'ny zezika NPK mahazatra hatramin'izay.

Andriamatoa RAKOTOARISOA Nirina Fenohery Jhonny.

Aiza no ahitana anareo raha te-hanao fanandramana ny tantsaha.

Andriamatoa RABEKIJANA Solofo Hery.

Nandroso soso-kevitra amin'ny maha mpisehatra matianina azy eo amin'ny resaka zezika, amin'ny tokony hanaovana fanentanana any ifotony, indrindra amin'ny toerana mpanao voly avotra mba hiara-iasa amin'ny olom-boafidy sy ny manam-pahefana tomponandraikitra isan-tokony. Tokony hanao «vitrine» koa ianareo mba ho hitan'ny tantsaha izany, izay vao miroso amin'ny fivarotana ity vokatry ity satria raha tsy mahita ny vokatry ny tantsaha, tsy ho resy lahatra mihitsy.

Ankoatran'izay, miezaha koa amin'ny famokarana «insecticide» satria zavatra roa tsy azo sarahana ireo.

Mikasika ny vidiny 2 000 Ariary ny litatra. Heverina fa mora loatra izany, ka tsy hanintona ny olona ny fampiasana azy satria matoa mora ny zavatra iray, mety tsy ho tsara.

Fotoana inona no hampiasana azy amin'ny fambolena ary inona avy no karazam-pambolena azo ampiasana azy.

Tokony hisy santionany nomenareo ny Solombavambahoaka mba hanaovana fanandramana any amin'ny toerana naivianay.

Marihina fa nanomboka teto, Andriamatoa ANDRIAMIASASO Doda Niriboavonjy no nitarika ny fivoriana ary nitohy ny fanomezana fitenenana.

Valim-panontaniana:

Andriamatoa RAJAONARIVELO Michael

Tsy mbola orinasa ara-dalàna izahay hatramin'izao fa mijanona ho «statut de projet».

Mbola eto Antananarivo no ahitana ny vokatry, saingy raha misy ny manao komandy avy any ivelan'Antananarivo, afaka manatitra izahay.

Manao fanentanana tokoa izahay ho an'ny tantsaha araka ny efa hita teo amin'ny famelabalarana natao teo aloha.

Mikasika ny vidiny, natao mora satria izahay mbola ao anatin'ny fampahafantarana no sady tsy orinasa ara-dalàna eo anatrehan'ny fandoavan-ketra.

Karazam-boly maro no azo ampiasana ny antoro, toy ny legioma, hanikotrana, vary antanety, jirofo ary lavanila.

Andiam-panontaniana faha-5.

Andriamatoa PEPIN MICHOU.

Nanao fanamarihana amin'ny tokony hisian'ny fampisehoana ny vokatra azo tamin'ny fampiasana ity zezika ity.

Nangataka fanazavana bebe kokoa amin'ny fomba fampiasana azy; ohatra: firy litatra isaky ny hektara no ilaina.

Farany, soso-kevitra mba tokony hanomezana santionany ho an'ny Solombavambahoaka, mba hanaovana fanandramana.

Andriamatoa DONOVAN Sidonie Jimmy Gertrude Johnny.

Mpamboly paraky ny mponina ao Antanifotsy, mety amin'ny fambolena paraky ve ity vokatra novokarinareo ity.

Andriamatoa RAKOTORAHALAHY Modeste.

Soso-kevitra no nomeny amin'ny tokony hanaovana «vitrine» mba hampahafantarana ny tantsaha aloha vao miroso amin'ny fivarotana ianareo.

Tokony tamin'ny teny Malagasy ny rakikevitra mikasika ity zezika ity, fa tsy natao tamin'ny teny Frantsay satria tsy ho fantatry ny tantsaha izay tianareo holazaina.

Farany, naneho ny ahiahiny izy sao misy akora simika miaraka amin'ity zezika ity.

Valim-panontaniana.

Andriamatoa ANDRIAMAHEFARINJAKA Lova.

Mikasika ny fatra dia namafisina teto fa 1litatra ho an'ny velaran-tany 4m².

Nambarany fa mbola tsy nisy fanandramana mikasika ny fambolena paraky, ka hojerena ny momba izany.

Nohamafisiny, fa afaka manome santionany tokoa ry zareo raha ilaina izany.

Naveriny indray, fa natao mora ny vidiny satria karazana fandraisana anjara fotsiny, raha ny tokony ho izy aza nozaraina maimaimpoana amin'izao fanombohana izao.

Farany, nisaotra ny Solombavambahoaka izy ireo tamin'ny nandraisana azy sy ny soso-kevitra maro izay nomeny, ka anisan'izany ny tokony hanaovana ny rakikevitra amin'ny teny Malagasy mikasika ity ranon-jezika ity.

Talohan'ny niatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana anio, tolak'andro, Andriamatoa ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy.

Niatio tamin'ny 12 ora, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra ny tenany.



 NY FILOHA
 RAZANAMAHASOA Christine Harijaona